## Filoha Ravalomanana

## Nampahafantatra ny mponina ireo kandidà TIM any Alaotra Mangoro 2


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Sabotsy 26 oktobra 2019 Laharana 971 Vidiny : 400 Ar


**Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao (GV 161), Madagasikara 23 Oktobra 2019** 5


www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto


**Fiainam-pirenena sy ny filoha Rajoelina** 2

# Tsy « boite de nuit » ny firenena



**Rina N°2 Antananarivo** 2

# Mahay mihaino sy mifampitakosona amin'ny mponina



**KANDIDA HASINA N°2 ANDOHARANOFOTSY** 2

## Maro ny asa vita ka mila tohizana



**Mpomba an-dRajoelina** 3

## Misy tsy mankasitraka ny Tana-Masoandro koa

**Vakinankaratra** 6

## Mirongatra indray ny vaky fasana

**Filohan'ny USCAFOOT** 5

## Hikarakara fifaninanana foot à 7 ho an'ireo katitakely

**Daka kely**

Daka mandrivorivo ho an'ialahy isany iny tenin'i Macron iny ry Boaikely a !

**Chine-Madagasikara** 3

## 47 taona niarahana niasa, izay hohatevenina hatrany



Rina N°2 Antananarivo

## Mahay mihaino sy mifampitakosona amin'ny mponina

Nitohy teny amin'ny faritra Ampandrana sy Bel'Air, ao amin'ny boriboritany faha-3 indray ny fitetezam-baravarana nataon'ny kandidà Rina Randriamasinoro, ho ben'ny tanàna eto amin'ny tanànan'Antananarivo Renivohitra tamin'ny omaly, izay kandidà natolotry ny TIM, ary mitondra ny laharana faha-2 ao anatin'ny biletà tokana, raha toa ka teny amin'ny faritra Anosipatrana sy Ilanivato, afak'omaly, no nanatanterahina fidianana ifotony, nifampitafa mivantana tamin'ny vahoaka. Nanotrona azy hatrany, tamin'ireo faritra nanaovany ny fampahafantarana ny vinany sy ny maha kandidà azy ireo solombavambahoaka TIM voafidy isaky ny boriboritany nolalovany. Mbola ao anatin'ny vanimpotoana mialohan'ny fampielezankevitra isika amin'izao fotoana izao araka ny faritan'ny lalàna, ahafahan' ireo kandidà manao ny fampahafantarana ny maha kandidà azy sy ny vina hotanterahany ho an'ny mponina. Araka izany, dia teny amin'ny faritra Ampandrana sy Bel'Air indray no nolalovan'ny kandidà Rina omaly, nampahafantarina fa izy no kandidà ho ben'ny tanàna natolotry ny TIM ary mitondra ny laharana faha-2, nanolotra ny vinany mahakasika ny paikadimpampandrosoana haroso ho an'ny tanànan'Antananarivo Renivohitra, mijery ny olana eny ifotony ary mihaino ny hetahetan'ny mponina. Niara-dia taminy teny an-toerana hatrany ny solombavambahoaka Feno Ralambomanana, voafidy teo anivon'ny boriboritany faha-3. Ny olan'ny lalana anelakelantrano, ny rano mihandrona vokatry ny tsy fampian'ny tatatra, ary ny tsy fahampian'ny rano fisotro madio no nambaran'ny mponina fa tena manahirana azy ireo teny an-toerana. Mila olona tanora, manam-pahaizana, kanefa mahay mihaino sy mifampitakosona amin'ny mponina no ilaina hitantana an'Antananarivo, araka ny nambaran'ny mponina hatrany. Endrika feno tsikitsiky mitory fanantenana vaovao no tazana nandritra ny fihaonana sy fifampiresehana teo amin' ny kandidà Rina sy ny mponina tamin'ireo toerana rehetra nolalovany. Raha ho an'ny andron'ny afak'omaly indray kosa dia teny amin'ny faritra Anosipatrana sy Ilanivato no nanaovan'ny kandidà Rina ny fitetezam-baravarana niaraka tamin'ny solombavambahoaka Ramboasalama Emilien, voafidy teo anivon'ny boriboritany faha-4. Miaina ao anatin'ny fahasahiranana ara-tsosialy ny ankamaroan'ny mponina eny an-toerana, manampy trotraka ihany koa ny olan'ny fahatsentsenan' ny tatatra sy ny faharatsian'ny lalana anelakelantrano izay tena mampijaly rehefa fahavaratra. Na eo aza izany dia endrika feno tsikitsiky no nifampitafan'ny mponina teny antoerana tamin'ny kandidà Rina. Midika fa misy fiovam-piainana lehibe andrandrain'izy ireo amin'ity kandidà natolotry ny TIM ity. Ahafahana manatanteraka ireo hetahetan'ny mponina dia tsy maintsy fantatra mialoha amin'ny alalan'izao fidinana ifotony izao avokoa ireo olana lehibe tena mianjady eny anivon'ny fiaraha-monina hoy ny kandidà Rina. Tsikaritra tamin'ireo lalana rehetra efa nolalovan'i Rina, fa maika ny hahafantatra sy hahita azy ny mponina, maro ireo mihazakazaka manatona avy hatrany raha vao mahita an'i Rina, ao ireo miantsoantso ny mba handroson'i Rina isam-baravarana.



***Stefa***

Filoha Ravalomanana

## Nampahafantatra ireo kandidà TIM any Alaotra Mangoro

Nampahafantatra ireo kandidà ben'ny tanàna sy mpanolotsainan'ny kaominina, avy amin'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM), any amin'ny faritra Alaotra Mangoro tamin'ity herinandro ity ny filoha nasionalin'ny antoko TIM, Marc Ravalomanana. Tany Moaramanga izy tamin'izany, tany Ambatondrazaka ary tany Amparafaravola. Nampahafantarina tamin'izany koa ireo kandidà avy amin'ny distrika hafa mandrafitra ny faritra Alaotra Mangoro dia ny avy any Anosibe An'Ala, sy ny avy any Andilamena. Ombieny ombieny dia vahoaka marobe hatrany no niatrika ny Filoha Marc Ravalomanana tamin'ny fampahafantarana ireo kandidà maro avy amin'ireo kaominina avy amin'ireo distrika 5 mandrafitra ity faritra ity. Nambaran'i Dada tamin'izany fa kandidà sahy, vonona ary manana traikefa avokoa ny kandidàn'ny antoko satria efa nahazo ny fiofanana sahaza azy izy ireo mialoha izao firotsahany izao, mbola hitohy izany fanatevenana traikefa izany rehefa lany soa amantsara izy ireo. Matoky ny filoha Marc Ravalomanana sy ny mpiara-dia aminy, fa hahazo ben'ny tanàna sy mpanolotsaina maro arak'izay tratra ny antoko izay tarihany sy ny vondrona mpiara-dia aminy manerana ny Nosy amin'io fifidianana ny 27 novambra ho avy izao io.



*Ny filoha Marc Ravalomanana, tany amin'iny faritra Alaotra Mangoro iny.*

***Isambilo***

Andron'ny ONU, 24 oktobra

## Tsy diso anjara tamin'ny fanamarihana izany i Madagasikara

Nankalazaina ny alakamisy 24 oktobra teo ny andro iraisam-pirenena ho an'ny Firenena Mikambana, na ny ONU, nankalazana ihany koa ny faha-74 taona nijoroan'ny Firenena Mikambana. Ny 24 oktobra 1945 tokoa no nijoroan'ny ONU, tamin' ny fanambarana ny satan' ity fikambanana iraisampirenena ity tany San Francisco Etazonia. Tsy diso anjara tamin'ny fanamarihana izany isika teto Madagasikara. I Madagasikara izay mpikambana ao anatin'ny Firenena mikambana, ka nankalaza ny andro iraisam-pirenena natokana ho an'ity vondrona ity. Nomarihina tamin'ny fambolena zanaka honko tany Manombo, distrikan'i Toliara faharoa, faritra Atsimo Andrefana ny lanonana, izay notanterahina teo ambany fitarihan'ny Praiminisitra, Ntsay Christian. Nankasitraka izao hetsika natao'ny Firenena Mikambana izao ny Praiminisitra satria voarakitra ao anatin'ny Politika ankapoben' ny Fanjakana, dia ny fandrakofana ala an'i Madagasikara ny hetsika toy izao. Ny fitondram-panjakana dia miezaka miaro ireo harena voajanahary maro efa misy hoy izy, saingy noho ny fiovaovan'ny toetrandro dia ilaina ny mamorona ala vaovao. Tsy tokony hatao fombafomba fotsiny ny hetsika toy izao, fa anjarantsika no mikojakoja ireo zanakazo novolena satria miteraka harena vaovao izy ireny, ary mitondra fampandrosoana ho an'ny faritra misy azy. Iaraha-mahalala fa ny ala honko dia toerana ahafahan'ireo hazandrano maro, toy ny drakaka sy ny makamba mitombo, ka hanatsara ny fiainan'ny mponina sy ny mpiara-belona eny ifotony ny fitrandrahana ireny vokatra ireny. Iaraha-mahalala fa ny faritra Atsimon'i Madagasikara dia miaina tanteraka amin'ny fiantraikan' ny fiovaovan'ny toetr'andro, maro ihany koa ireo toerana izay mitady ho ngazana sy maina kanefa ny fisian'ny ala no mamaritra ny toetry ny andro amin'ny toerana iray.



*Ala honko, novolena ho fiarovana ny tontolo iainana.*

***Isambilo***

### *Ny Valosoa sy fakafaka*

### Fiainam-pirenena sy ny filoha Rajoelina

## Tsy « boite de nuit » ny firenena

Filoham-pirenena nankatoavin'ny Fitsarana Avo momba ny Lalampanorenana (HCC) ny filoha ankehitriny , kanefa tsy fihetsika tompon'andraikitra manampahefana no ataony fa mbola ilay fomba fanaony fony izy mbola Dj, mpampandihy amin'ny trano fandihizana na « boite de nuit ». Fa manao ahoana ny fomban'ny Dj ? Izy no mandefa ny hira ka izay tiany no mandeha na rock na slow na kilalaka, sns,… ankoatr'izay mbola ny Dj no manentana ny mpandihy toy ny hoe : "tout le monde sur la piste, tournez à droite, sautez"…, sns, dia manaraka ireo mpamonjy "boite de nuit" efa jenjin'ny rano mahadomelina sy ny jiro maroloko manjelanjelatra, dia mbola izay no ataon'Ingahy Filoha ; totofana ny tanimbary eny Ambohitrimanjaka, alefa any Bevoay ny vahoaka eny, halaintsika ny Iles éparses, sns… Tsy nahomby avokoa izany satria tsy vahoaka domelina akory no resahina ary ny mpitondra frantsay tsy hanaiky mora foana, satria harena tsy hita pesimpesenina no misy ao amin'ireo Nosy Malagasy ireo.

Nahazo vahana teo amin'ny fampahalalam-baovao ny nambaran'ny filoha frantsay tatsy amin'ny Iles Glorieuses, iray amin'ireo Nosy Malagasy, nohamafisin'ity filoha ity ny nambaran'ny Ambasadaoro frantsay teo aloha Ramatoa Veronique Vouland Anieni, izay sahy nanitrikitrika, fa an'i Lafrantsa hono ireo Nosy Malagasy dimy. Taorian'io fanambaran'ny filoha frantsay io dia nilaza indray ny filoha malagasy fa hajoro ny vaomiera iombonana handinika ny famerenana amintsika malagasy ireo nosy ireo, kanefa atao inona ny vaomiera iombonana satria ny Firenena Mikambana efa nanambara fa antsika malagasy madiodio ireo nosy ireo efa ho 40 taona izao. Tamin'ny fifanatrehan'ny kandida tamin'ny fifidianana filoham-pirenena fihodinana faharoa dia nampanantena ingahy filoha ankehitriny, fa tsy ho sarotra ny fitakiana ireo nosy dimy ireo. Ny Filoha Marc Ravalomanana dia nilaza mazava tamin'io fifanatrehana io fa mila fanjakana matanjaka rehefa mifampiraharaha amin'ny any ivelany. Dia izao iaraha-mahita izao ny tohin'ny tantara, fa tsy misy mandeha amin'ny laoniny ny fitantanana ny raharaham-pirenena sy ny fandaminana ny iraisam-pirenena.

Tsetsatsetsa tsy aritra no ilazana eto ampamarana fa ireo vaninandro manana ny tantarany teto amin'ny firenena dia tsy tongatonga ho azy, ny fifanandrifiana amin'ny tsingerin-taona nahaterahana tompon'andraikitra fa efa laha-janahary: ny Filoha Zafy Albert dia teraka 1 Mey andro maneran-tany ho an'ny asa, tsy mahagaga raha olona tia niasa ny Pr Zafy Albert; ny 03 Mey no andro iraisam-pirenena natokana ho an'ny fahalalahan'ny fanehoan-kevitra sy ny fampahalalam-baovao , mifanojo amin'ny tsingerin-taona nahaterahan'i Neny Lalao Ravalomanana izany, dia voaporofo fa i Neny dia tompon' andraikitra vonona hatrany hihaino sy hifanakalo hevitra. Ny 12 Desambra 1979 no nanambara ny Firenena Mikambana fa antsika malagasy ireo nosy dimy , feno 30 taona katroka ny Filoha Marc Ravalomanana tamin'izany. Azo eritreretina fa tsy kisendrasendra izany fa efa voalahatra , noho izany dia azo inoana fa ny Filoha Marc Ravalomanana no manana ny paikady hamerenana amintsika ireo Nosy Malagasy ireo .

Mila entina ambavaka izany !

***Ny Valosoa***

Ny Valosoa sy hadihady

# Mpomba an-dRajoelina, misy tsy mankasitraka ny Tana-Masoandro koa

***Tsy mitsahatra mibosesika isan'andro vaky izao ny olana atrehin'ny fitondrana kanefa ny teo aloha tsy mbola misy fanafana, hany ka miteraka disadisa eo amin'ireo tandapa izany.***

Tsy manaiky ny fanotofana ny tanimbariny ireo mponina eny Ambohitrimanjaka satria tanindrazany nolovainy avy amin'ireo ray aman-dreny teo aloha. Ambonin'izany dia manamaivana ny fandaniana ara-tsakafo ho an'ireo manana tany ny vokatra azo avy amin'ireo tanimbary sy tanimboly. Miezaka mamono afo ny ao amin'ny fiadidiana ny Repoblika tamin'ny alàlan'ny talen'ny kabinetra. Nisy ny fialan-tsiny kanefa mbola « miato » fotsiny ihany aloha ny tetikasa, ary nesorina teny an-toerana ireo fitaovana efa natoby teny, kanefa toa mbola mety hitohy indray ny asa aoriana. Tsy ela taorian'iny famoriam-bahoaka sy fanambarana iny dia efa nidrikina ny tandapa sasany satria tsy nisy nifanaraka tamin'izany, hono. Na izany na tsy izany dia misy tsy mankasitraka io tetikasa « Tana-masoandro » io ihany koa ny mpanohana an-dRajoelina Andry ary mitifitra ny minisitry ny fanajariana ny tany. Tsy milamina izany aloha hatreto ny momba ity tetikasa ity satria ny mponina, tompon'ny tany, tsy hanaiky ny fanotofana ny taniny na hisy « rà mandriaka » aza, araka ny efa nambaran'izy ireo sady mitaky ny hamoahana ireo namany nosamborina. Etsy an-daniny kosa dia mety hitady hirika amin'ny fanarahana ny dingana tsy maintsy lalovana ny fitondrana ka rehefa heveriny fa ara-dalàna izany dia ho tanterahiny amboletra amin'izay ny tetikasa. Nandritra ny volana maro no nifampidinika tamin'ireo mpandraharaha ara-tsolika ny mpitondra, toa mba nisy hirika kely nisokatra, ka nihena kely ny vidin'ny gazoaly sy lasantsy ary nihena be ny solitany fandrehitra izay tsy dia misy mampiasa loatra intsony na any ambanivohitra aza. Misafotofoto indray ny toe-draharaha satria dia filaharana tsy misy toy izany eny amin'ny toby mpamatsy solika tato anatin'ny andro vitsivitsy izao. Tokony ho tonga omaly ny sambo lehibe mpitatitra solika, ka ho voavaha ny olana. Asa raha tsy fantatry ny tomponandraikitra na hodiany tsy fantatra fa raha tonga any amin'ny seranan-tsambo izany mpitatitra solika izany dia tsy ho tonga eo no eo eny amin'ny toby mpanjinjara izany fa andro maromaro vao ho tonga any. Tsy mahagaga raha manahy ny mpampiasa fiarakodia, toy ny taksibe sy ny taksi, ka milahatra satria raha tsy misy ny solika dia tapaka eo koa ny fidiram-bola. Na dia ferana aza ny omena ireo mpanjifa dia efa misy sahady ny varomaizina, ka mikaikaika ireo mpampiasa fiara satria tsy ampy araka izay ilany azy ny tolotra. Tsy fantatra intsony fa toa mifanindry an-dàlana amin'ny tsy fisian'ny solika ny delestazy izay lazain'ny ao amin'ny orinasampanjakana Jirama fa olana ara-teknika. Na izany na tsy izany dia miteraka olana ara-ekonomika ihany koa ny fahatapahan-jiro satria ireo mpampiasa izany dia maty antoka na dia ora iray na roa aza no tapaka ny herinaratra. Hain'izao fitondrana izao ny mampiesona amin'ny alàlan'ny serasera, ka na izay tsy hahita tombontsoa amin'izay lazainy aza dia mitehaka sy manohana fa hisy tokoa ny fampandrosoana. Tsy misy ny solika dia filaharambe tsy misy toy izany eny amin'ny toby mpanjinjara ho an'ireo saranga manana fahefana mividy fiara na kodiarana roa. Sokafana ny tsena mora dia lasa milahatra eny ny vahoaka sahirana sitrany misy hohanina mandritra ny herinandro. Tonga ny faktioaran'ny Jirama dia milahatra mandoa izany ny rehetra mba tsy ho tapaka ny herinaratra sy ny rano. Variana amin'ny fampiesonana sy fampanofisana tsy mitondra soa ho an'ny vahoaka na fampandrosoana ny firenena ny mpitondra. Efa zatra ny tsy niraharaha ny sosialim-bahoaka sy tsy mandala ny rariny sy ny hitsiny nandritra ny tetezamita izao fitondrana izao, ka rehefa tafaverina eo amin'ny fitondrana indray dia mamerina ireo fomba fitantanana tsy nahomby.

***Andry Tsiavalona***

KANDIDA HASINA N°2 ANDOHARANOFOTSY

## Maro ny asa vita ka mila tohizana

Maro ny zavabitan'ny kandida Hasina Ranirison nandritra ny fotoampiasàny voalohany tao amin' ny kaominina Andoharanofotsy Atsimondrano. Teo ny fanamboarana lalana, fandaminana tsena, fanadiovana tanàna, fanalàna ny fitohanan' ny fifamoivozana, fotodrafitrasa isankarazany: kianja fanaovam-baolina, sekoly, paompy fatsakàna sns... Raha teo amin'ny lafiny ara-pitantanana indray dia haingana sy mangarahara ny fanaovana taratasim-panjakana tao amin' ny kaominina. Hotohizana ary hamafisina izany rehetra izany amin'ny fotoampiasàna manaraka hoy ny kandida Hasina Ranirison N°02. Ho fitsinjovana ny mponina dia hitodika betsaka amin'ny sosialim-bahoaka, tanora ary ny tsena ny mandat manaraka eo isika hoy izy. Mbola ho hazavaina bebe kokoa izany amin'ny fotoanan'ny fampielezankevitra rehefa tonga ny fotoana. Manentana ny mponina eto Andoharanofotsy ho tonga haneho ny safidiny ny tenako ny 27 novambre ho avy izao hoy Hasina Ranirison. Tsy manana fotoana hamaliana ny fanaratsiana sy fanenjehana ary ireo lainga maro aparitak' ireo mpifaninana amiko aho hoy izy, fa fampihavanana aza no hataoko rehefa manomboka ny fotoampiasana vaovao raha sitrapon'Andriamanitra ny hahatanteraka izany. Ny mpanolotsaina dia nosafidiana isam-pokontany mba ho olona afaka hanolokevitra tokoa hampandrosoana ny kaominina. Olona matotra, manana traikefa ary manana ny maha izy azy izy ireo, 57 taona ny salan- taonan' izy ireo. Ny pastora Rabarimanana Herimandimby no mitarika ny lisitry ny mpanolotsaina Tim ao Andoharanofotsy. Misokatra amin'ny ankolafin'olona rehetra ny kandida Hasina N°2 sy mpanolotsaina Tim Andoharanofotsy miaraka aminy.



*Ny kandidà Hasina Ranirison N°02 ao Andoharanofotsy (ankavia).*

***Helisoa***

Chine-Madagasikara

## 47 taona niarahana niasa, izay hohatevenina hatrany

Nisy ny jery todika mikasika ny fiaraha-miasan' ny firenena Sinoa sy malagasy. Izany no nisongadina nandritra ny fandaharana nandeha tamin' ny televeziona gasy iray, izay niarahana nisalahy tamin' ny fahita lavitra sinoa CGTN. « Nandritra izay 47 taona, nisian' ny fiaraha-miasan'i Chine sy Madagasikara izay, ny fanjakana sinoa dia nanangana foto-drafitrasa maro ho fanohanana ny fampandrosoana ny firenena malagasy. Ao anatin' izany ny Rn2, Palais des Sports eto an-dRenivohitra, ny hopitaly sns... Ho hamafisina sy hohatsaraina hatrany izany fiaraha-miasan' ny firenena Sinoa amin'i Afrika sy i Madagasikara izany » hoy ny Ambasadaoro sinoa Yang Xiaorong. I Ren Yujie « Vice Président de la Chambre de commerce chinoise à Madagascar » dia isan' ireo nandray anjara tamin' ity jery todika ity. « 27 taona ity. Ary isan' ny tena nanamarika ahy ny fomba fandraisana sy ny fahatsorampon'ny vahoaka malagasy. Taty aoriana aho nanapakevitra ny ho lasa mpandraraha nohon' ny fahitako ny fisian' ny lalambrotra ka nijanona tsy ho mpitsabo intsony aho. » Nanamafy i Hugues Rajaonson mpahay - toekarena fa : « Eo amin' ny sehatra ara-toekarena dia azo hatao modely sao amantsara i Chine ho an' ny firenana an-dalampandrosoana toa an' i Madagasikara ».



*Ny filoha lefitry ny fikambanana Madagasikara-Chine.*

***Isambilo***

facebook NY VALOSOA VAOVAO

### 9 volana nitondran-dRajoelina : jiro tapaka lava, vidim-piainana midangana, solika ilaharana, governora tsy manaraka lalam-panorenana, fanotofana tanimbary eny Ambohitrimanjaka...

**Politika Avo Lenta Malagasy** : jiro tapaka lava, vidim-piainana midangana, solika ilaharana, governora tsy manaraka lalam-panorenana, fanotofana tanimbary eny Ambohitrimanjaka... ampahany tamin'ny zava-bitany ireo. Hihihihiiiiiii !

**RazzaAn Andria** : fampanantenana no be dia be, fa ny zavatra tsy vita sy mampijaly vahoaka no betsaka.

**Antonio Monloup** : marina loatra, vato fehizorona zavatra tsy ho vita koa no be dia be.

**Mbolatiana Harilala Andriamizana** : lasantsy tsy misy, PPN miaka-bidy.

**Rabefitia Laurent Lalah** : tsy mbola hay akory ny tiany ihatongavana hoe vavy ve io sa lela.

**Doda Arison** : EFA MIDITRA NY LASANTSY AAH !

**Manjakatiana Mateotia** : hen'omby, menaka, vary efa miakatra fa aza adino, le building mbola any an-kibon'ny omby, makety no mampatory mitsangana.

**Harding Raherivelo** : merci BAREA, fa raha Rajoelina sy ny forongony, tsy misy antenaina aminy.

**Niry Sahoby** : lasantsy ilaharana, mbola nitohy hatramin'ny androany zoma nefa lazaina fa efa tonga ny sambo any Tamatave.

**Riana Kelly** : Il nous a pondu de la bonne merde après 9 mois, tsy fahombiazana no tsapa aloha hatreto nandritra izay 9 volana izay.

**Germain Rafanoharana** : mbola mitohy ny tsy fahaiza-mitantana sy ny gaboraraka tamin'ny tetezamita ataon-dRajoelina sy ny forongony hatramin'izao e !

**Juslain Rakotoson** : marina mihitsy izany, mbola mitohy ny gaboraraka sy ny tantely afadrakotra ny harem-pirenena hatramin'ny tetezamita ataon'ny mpitondra misy.

TONONKALO

### Inona no vaovao ? (tohiny)

Inona no vaovao malaza hatrany ivelany any ?
- Alàna an-keriny amin`ny taniny ny mpamboly ka tomany.
Tetikasan`ny filoha no asandratra sy ankalazaina,
Tsy nahazo fankatoavana fa natao an-tenin`aina !

Be no efa miakatra afo sady tohina ny fony,
Fa ny tena tompontany, tsisy vidiny intsony !
Tena ireo mpitondra ambony sy vahiny mpanambaka
No miray tsikombakomba sy avy dia manjakazaka.

Inona no vaovao mikasika ny fampianarana ?
- Mitotongana tanteraka fa tsy misy fivoarana !
Sehatra tsy maharototra an`iretsy mamba noana,
Ka mazàna no ataony faralahiny eny foana !

Mampisento ny olo-maro raha ny voka-panadinana.
Mihamidina isan-taona, very ny fahamarinana !
Hosoka sy risoriso no iainan`ny vahoaka,
Tonga hatramin`ny fisian`ny laza adina mivoaka !

Inona no vaovao mandreraka ny iray tanàna ?
- Jiro tapaka matetika ka midify ny hazavana !
Rano koa dia toy izany, lasa olana isan`andro.
Sasak`alina vao misy hanokonana nahandro.

Filaharana hatrany ny amin`ny paompim-pokontany.
Tsy maraina tsy hariva f`eo ny andronao no lany.
Be dia be no mitaraina sy efa tena leo tanteraka,
Kivy ny amin`ny lamasinina midororo sy mandreraka.

Inona no vaovao any ambanivohitra any ?
- Jiolahy mpangalatra omby no mirehaka aok`izany
Fa hoe azy ny tanàna, akamany ny fitondrana,
Ka dia tsy matahotra izy fa mitohy ny fandrobana.

Fitsarana, tsy ahoany fa voavidiny,hono, ireny.
Vola ny azy no mpanjaka, vola ny azy no miteny.
Ny zandary koa toy izany, tsy atahorany intsony
F`efa misy namany,hono, miaro azy ery ambony !

Inona no vaovao sy resadresaka manidina ?
- Toa ho votsotra amintsika iretsy "nosy manodidina".
Raha ny teny izay mandeha sy resadresaka mivantana
Dia tsy misy sy tsy hisy ny "fiarahana mitantana".

Fa dia revin-gadra ihany ny an`ireo mpitondrantsika.
Fampiesonana ny gasy, fikafika politika !
Ny filoha frantsay dia nanamafy tetsy ankilany
F`azy iretsy vondro-nosy, efa ao ny miaramilany.

***DADAN`i ZINA (24-10-19)***

## An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

**Ny filoha Ravalomanana nampahafantatra ireo kandida Ben'ny tanàna sy Mpanolo-tsaina tany Alaotra Mangoro.**









### Banky BDC-Orange money

## Hanamora ny fandefasam-bola avy any Comores miditra eto Madagasikara

Fanaovan-tsonia fiaraha-miasa teo amin'ny BDC (Banque de Développement Comores) sy ny Orange Money Madagasikara, no notanterahina omaly tetsy amin'ny trano Orange Tour Ankorondrano. Ny fanamorana ny fandefasam-bola miainga avy any Comores mankaty Madagasikara amin'ny alalan'ny tambazotra HOLO Mobile Banking (BDC) sy ny Orange Money no anton'ny tetik'asa. Tonga nanatontosa ny fiantombohan'ny fifanarahana Andriamatoa Gervais Atta, Tale Jeneralin'ny banky BDC sy Andriamatoa Michel Degland Tale Jeneralin'ny Orange eto Madagasikara, sy ny mpiara-miasa aminy, notronin'Andriamatoa Caabi El Yachroutou Masoivohon'i Comores. Nilaza Andriamatoa Tovo Manitra Rakoto Tale ara-barotra sy fampivoarana ao amin'ny orin'asa Orange, fa ny filana ara-bola eo amin'ny olom-pirenena avy any Comores, izay miisa 200 000 monina sy miasa ary mianatra eto Madagasikara no antony nahatonga an'izao fiarahamiasa izao. Nanohy nanazava i Andriamatoa Tovo Manitra Rakoto, fa manamora ny fivezivezen'ny vola eo amin'ny firenena roa tonta ka ireo olona manana kaonty eny anivon'ny Banky BDC Comores ihany no afaka mandefa vola amin'ny alalan'ny Orange Money eto Madagasikara. Nanamafy Andriamatoa Gervais Atta Tale Jeneralin'ny Banky BDC fa ho mora lavitra nohon'ny saran'ny fandefasam-bola eto Madagasikara ny saran'ny fandefasam-bola amin'ny Banky BDC mankaty Madagasikara. Mbola eo am-pandinihina ny fomba hanatanterahana an'ity tetik'asa ity ny teknisianina eny anivon'ny Banky BDC sy ny teknisianina eny anivon'ny orin'asa Orange Madagasikara.

***Franck Razakambelo***



*Ireo tompon'andraikitra ao amin'ny banky BDC sy Orange Madagasikara*

## Sakafo Ny Valosoa



Fon-kenan'omby natao saosy indray no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Tsara raha hasiana lasary voatabia sy ro matsatso anana miaraka amin'ny angivy miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

### NY VALOSOA sy Mahasoa

## Ny soa azo avy amin'ny vy na fer ho an'ny vatan'olombelona

Ny soa azo avy amin'ny vy na fer amin'ny vatan'olombelona indray no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Raha vao tsy ampy vy na « fer » ny vatana dia mety ho tratry ny havizanana lalina, miha-marefo ny hery fiarovana ; mahavoa ny "anémie" koa ny tsy fahampiana azy. Mety hitarika tsy fahatomombanana sy fahataran'ny fitomboana amin'ny zazakely koa izany ho an'ny vehivavy mitondra vohoka. Ahitana fer ny kari sy ny kanelina. Tsara raha asiana azy matetika ny sakafo satria be fer izy no mpanala arafesina koa, ka manatsara ny fandevonan-kanina. Ny ditè na thym koa dia be fer. Ny spiruline be vitamina sy otrikaina ary anisan'izany ny fer. Ny sesame koa dia be vy, manatsara ny fandevonan-kanina koa izy noho izy be "fibres". Toy izany koa ny soja . Ny « chocolat noir ». Tsy hohanina betsaka kosa anefa fa amin'ny fatra antonony ihany.



### NY VALOSOA sy Mahaliana

## Ny tanànan'i Mahavanona any amin'ny distrikan'Antsiranana II, faritra Diana

Ny tanànan'i Mahavanona any amin'ny distrikan'Antsiranana faha-2, faritra Diana indray no Mahaliana eto amin'ny gazetinao adroany. Kaominina ambanivohitra ity tanàna ity, azo lazaina ho iva toerana ihany izy satria 115 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Mpamboly sy mpiompy ny mponina any Mahavanona, mpamboly vary, katsaka, ahitana akondro ihany koa any an-toerana.



# Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao (GV 161), Madagasikara 23 0ktobra 2019

***Zakaria 13: 2** "Amin'izany andro izany hoy AHO JEHOVAH Ilay Tompon'ny tany sy Tompon'ny lanitra, indro ho foanako ireo anarantsampy izay mahatonga anao miala AMIKO, eo amin'ny tany misy anao, ka dia tsy hotsarovana intsony ireny ary dia hesoriko eo amin'ny tany ireo mpaminany sandoka sy ny fanahim-pahalotoana maro mamitaka anareo."*

Tandremo tsara fa IZAHO JEHOVAH no Tompon'ny TENY ka afaka manampy izany mba ho azonao tsara izay voasoratra. **Tsy hoe ny mpaminany no hesoriko fa ireo izay sandoka ka mamitaka anareo. Raha tsy mpaminany no ampiasaiko dia tsy mahalala ny FAHAMARINAKO hianareo**, aoka anefa ho izay avy AMIKO ihany, tsy mirehareha, tsy miavonavona. Manangana mpaminany AHO amin'izao andro farany izao hanambara AHY JEHOVAH, JESOSY KRISTY Zanako ary ny FANAHY MASINA izay napetraka eo aminareo. Mbola averiko JEHOVAH ihany io FANAHY MASINA io, io Ilay FANJAKAN'NY LANITRA nambaran'i Jaona Mpanao Batisa taminareo tamin'ny fotoan'andro, ***Matio 3: 2** "Mibebaha hianareo; fa efa akaiky ny fanjakan'ny lanitra."**Matio 24: 7** "Ary hisy FANJAKANA hitsangana hamely fanjakana."* Ilay FANJAKANA voalohany dia io Ilay AHY JEHOVAH, ary ilay fanjakana faharoa kosa dia ilay sandohan'i losifera. Amin'izao andro farany izao dia ireo ilay hiady, hifamely ka izany indrindra no anolorako saina sy ampianarako anareo amin'izay lalana tokony halehanareo. Hoy, ***I Timoty 4: 1-5** "Fa ny Fanahy milaza marina fa amin'ny andro aoriana dia hihemotra amin'ny finoana ny sasany, manaiky fanahy mamitaka sy fampianaran'ny demonia, amin'ny fihatsaram-belatsihin'ny mpilaza lainga, ka voapetaky ny vy mahamay ny fieritreretany, izay mandrara tsy hanam-bady, ary mampifady hanina, izay nataoko JEHOVAH ho an'izay mino sady mahalala ny marina, mba horaisiny amin'ny fisaorana. **Fa ny zavatra rehetra nataoKO JEHOVAH dia tsara avokoa, ka tsy misy tokony holavina, raha raisina amin'ny fisaorana**, satria hamasinin'ny teniKO JEHOVAH sy ny fivavahana izany."* Fantatr'i losifera ny programako JEHOVAH ny amin'ny tany izay noforoniko sy ny fahasambarana omeko ny olombelona tsy an-kanavaka. Raha mbola taty an-danitra i losifera nahare izany ASA FAMORONANA LEHIBE izany dia hoy izy: avelao izaho no ho mpanjakan'izany tany sy ny olona ho foronina izany. TSIA! Hoy AHO JEHOVAH, satria tsy izany no tiako hatao. Hany ka tezitra izy ka dia nikomy sy nitaona namana. Taty ny ady no efa nisy. Ka dia hoy izy: tsy avelanay ho sambatra izany ny olona fa ho taominay ho anay ka dia ny amin'ny fivavahana izay ataony ihany no hamitahanay azy ireo, amin'ny toetrany, ny fombany, ovanay, namanay daholo izany rehefa tsy manaiky Ilay MPAMORONA azy sy tsy mino ny MPANJAKANY izy ireo, indrindra moa fa Ilay FANAHY MASINA izay miasa eo amin'izy ireo dia ovanay fanahy avy aminay (io ilay fanahy ratsy, fanahy maloto, fanahy mamitaka). Hoy i losifera: rehefa tsy miambina ny fanahiny sy manao antsirambina ny fivavahany dia antsika. Izany indrindra no vao mainka nanamafisany ny programany. Efa hatry ny ela ny ady fa toy izao no rafitra napetrany nanomboka ny taona 2012. Fantatrareo tsara io taona io fa fizaram-potoana farany, teo no nanomboka ny andro na ny ora sy ny fotoana ary ny taona izay nihamafy ny ady ary nihemotra tokoa ny olona. ***II Timoty 3: 1-5** "Fa aoka ho fantatrao izao: fa any am-parany any dia hisy andro mahory. Fa ny olona ho tia tena, ho tia vola, ho mpandoka tena, mpiavonavona, miteny ratsy, tsy manoa ray sy reny, tsy misaotra, tsy manaja izay masina, tsy manam-pitiavana, mpanontolo fo, mpanendrikendrika, tsy mahonom-po, lozabe, tsy tia ny tsara, mpamadika, kirina, mpieboebo, tia ny fahafinaretana mihoatra noho ny fitiavany AHY JEHOVAH, manana ny endriky ny toepanahy araka AHY JEHOVAH, nefa nandà ny heriKO; ireny koa dia halaviro."* Io no taona fanombohan'ny fizarana fahatelo farany: taona fanavahana manomboka eo, taona finjinjana, taona fandravana ny ratsy, taona fanganana, taom-panavaozana, taona fisehoan'ny zanaky ny Lanitra miaraka amin'ny asan'ny FANAHY MASINA sy ny HERIKO ary ny VONINAHITRO, taona firaisan'ny mino an'i JESOSY, taona fiombonan'ny Fiangonana mba ho iray ihany, taona tokony efa ifankatiavan'ny mpanompoko mpitory rehetra tsy an-kanavaka ambany masoandro, lahy, vavy, akaiky, lavitra, (ireo ministera dimy), taona tokony tsy hahitan'i losifera hirika intsony amin'ny lafiny rehetra eo amin'ny fiainan'ny olona, eo amin'ny fiangonana sy eo amin'ny firenena, fotoana fihavanana, taon'ny fahatanterahan'ny Teny Fikasana ho an'izao tontolo izao, taon'ny firaisantsaina sy fiombonan-kevitra eo amin'ny Fahamarinana sy ny FANAHY MASINA, taom-panajana ANAY sy fanomazam-boninahitra ANAY, taompandresena sy tao-pifaliana ary taompisaorana sy fiderana, taom-piadanana sy taom-pahasambarana, indrindra koa taonan'ny fananana ANTOKA fa olom-boavonjy ary dia miandry ny fiverenan'i JESOSY eny amin'ny rahon'ny lanitra sisa, izay ilay voasoratra sy atao hoe, ***I Korintiana 13: 13** "Ary ankehitriny dia ireto telo ireto no mitoetra: ny finoana, ny fanantenana, ny fitiavana: fa ny fitiavana no lehibe amin'ireo."* Manana ny fanantenana ny amin'ny hahatongavan'izany sady mino fa JESOSY izany. Fehezin'ny Fitiavana ireo ka tsy maintsy tanteraka. Nanomboka teo inona anefa ny zavatra niseho??? Nanao izay ho afany i losifera ka izay nifanohitra tamin'ireo no nataony. Mbola hitohy.

Amen!

JEHOVAH MPANJAKA MANDRAKIZAY

Telephone : ***033 12 461 43***

E-mail: jehovahandriamanitra@gmail.com

Facebook : Jehovah Andriamanitra page

Radio:

Antsiva, FM 97.6, Alarobia maraina 5ora 45min- 6ora

Soa Radio, FM 96.8, Alahady maraina 6ora 30min -7 ora

RMK, FM 102.4, Asabotsy 12 ora -12 ora 30min

Gazety Ny Valosoa Vaovao (www.gvalosoa.com): mivoaka Talata sy Asabotsy

## NY TENY FIAINANA

***Jaona 15:5***

*Izaho no voaloboka, hianareo no sampany. Izay miray amiko, ary Izaho aminy, dia mamoa be izy; fa raha misaraka amiko kosa hianareo, dia tsy mahay manao na inona na inona."*

**BORIBORITANY VOALOHANY (CUA)**

# Ankizy miisa 180 nahazo kopia maimaimpoana

Notontosaina omaly ny fizarana kopia nahaterahana faobe maimaimpoana teo anivon'ny Boriboritany Voalohany (CUA). Raha araka ny nambaran'ny Delegen'ny Boriboritany Voalohany, Ramamonjisoa Lantoniaina dia nomena tombony manokana ireo fianakaviana sahirana. Niisa 180 ireo kopia nozaraina ary notolorana fisaorana manokana ireo mpiara-miombonantoka toy ny avy eo anivon'ny ONG KoloAina, ONG Hardy, ONG Association Enfant, Rotary Club Antananarivo Ankorondrano ary ny Foyer de vie Catholique Isotry tamin'ny fikarakarana izany kopia nahaterahana teo anivon'ny Boriboritany Voalohany izany. Ankoatra izay dia notolorany fisaorana manokana ihany koa ireo kandidà mpanolotsaina ny Tanànan'Antananarivo avy ao amin'ny Antoko TIM tamin'ny fanentanana ireo Ray aman-dReny teny anivon'ny fokontany, mba hikarakara ny fanomezana kopia nahaterahana ho an'ny zanany satria zon'ny ankizy ny manana kopia nahaterahana. Anisan'ny taratasy ara-panjakana ilaina eo amin'ny fiainana ny kopia ary raha ny avy eo anivon'ny Boriboritany Voalohany dia efa tafakatra 880 no nanaovana didim-pitsarana mahasolo kopia namoahana ny kopia nahaterahana tamin'ity taona 2019 ity. Entanina araka izany ireo Ray aman-dReny mba hikarakara ny kopian-janany satria zon'ny ankizy ny manana izay kopian'ny sora-piankohonana izay.

***Aly***



*Ny fizarana kopia maimaimpoana tetsy amin'ny Boriboritany voalohany Analakely.*

**Boriboritany miisa 6**

# Hikarakara fifaninanana foot à 7 ho an'ireo katitakely ny filohan'ny USCAFOOT

Ekipa miisa 24 avy amin'ny Boriboritany miisa 6 no hifaninana amin'ny baolina kitra "foot à 7", hokarakarain'ny filohan'ny USCAFOOT Gégé Bosco, hanomboka ny alahady izao. Mikarakara fifaninanana « Foot à 7 », hatao eny amin'ny fokontany Saropody manomboka ny 27 Oktobra, ka hatramin'ny 24 Novambra izao ny filohan'ny USCAFOOT, Andriamanampisoa Gégé Bernard, na Gégé Bosco. Ekipa 24 no hampandraisina anjara, ka Omby no amboara ho an'ny voalohany, ondry kosa ho an'ny laharana faha 2 ary maillot ho an'ny laharana faha 3. Ho zaraina baolina ny ekipa faha 4 sy faha 5. Tanjon'ny mpikarakara ny hitiliana ireo katita kely sangany amin'ny lalao baolina kitra any anaty quartier any eto an-drenivohitra. Ankoatra ny klioba UCSAFOOT, izay manana ny fepetra hifantenana ny mpilalao dia ho tonga mandritra ireo lalao samihafa ny teknisiana avy amin'ny klioba matanjaka, sy ny avy amin'ny federasiona. Ankoatra izay dia naneho ny heviny mikasika ny fomba nifantenana ny mpilalao mandrafitra ny ekipam-pirenena eo amin'ny taranja baolina kitra ny filohan'ny USCAFOOT Gégé Bosco, nambarany fa kitranoantrano no nisafidianana ireo mpilalao hatramin'izay, fa tsy nijerena izay tena fahaizana, na eo amin'ny samy mpilalao, na eo amin'ny vokatra azon'ny klioba tsirairay.



*Ireo mpikarakara ny tournoi Gégé Bosco eny Saropody.*

***Lita***

VAKINANKARATRA

## Mirongatra indray ny vaky fasana

Fanontaniana mbola tsy ahitam-baliny hatramin'izao ny halatra taolam-paty eto Madagasikara. Raha somary nangingina izany tato ho ato dia azo lazaina fa nirongatra tampoka indray izany tato anatin'ny iray volana izay, ka isan'ny nitrangan'izany ny Distrikan'i Betafo. Azo lazaina fa tena mirongatra indray izay vaky fasana izay satria tato anatin'izay iray volana izay dia fasana miisa 3 no lasibatra tao amin'ny Distrikan'i Betafo, ny kaominina Antohobe sy Soavina no nitrangany. Fasan-dehibe miisa roa no indray nasesin'ny olon-dratsy novakiana nangalarany taolan-dava nanomboka ny faran'ny herinandro lasa teo. Raha ny tatitra azo tany an-toerana dia taolan-dava taminà razana miisa 10 no indray nanjavona tao amin'io fasan-dehibe ao Ambohitsaratelo, kaominina ambanivohitra Soavina io. Raha ny vinavinan'ireo mponina any an-toerana dia ny alin'ny alatsinainy hifoha ny talata teo no namakian'ireo olon- tsy fantatra ity fasana ity, ka olona sendra nandalo teo amin'ilay toerana somary mihataka ny tanàna ny marainan'ny talata no nahatsikaraitra ny fisokafan'ny varavaran' ilay fasana, ka nampandre ny olona tao an-tanàna. Nanao be midina nijery ny zava-misy ireto farany sy ny tompom-pasana, ka tamin'izany no nahitana ireo karandoha sy lamban-razana avy nakana ireo taolan-dava naparitak'ireo olon-dratsy avy tao amin'ilay fasana. Roa andro nialoahan'io tranga tao Ambohitsaratelo io dia fasana lehibe iray ihany koa no vaky tao Ankosobola, kaominina ambanivohitra Soavina ihany, izay mifanila amin' Ambohitsaratelo ihany koa no lasibatr'ireo mpangalatra taola-paty, ka nahazoany taolan-davan' ireo razana 17 nilevina tao. Olona hamonjy saha ny marainan'ny alahady lasa teo no nahatsikaritra potika taolana sy lambandrazana teny amorondrano, ka nampandre ny mponina manodidina teo. Nanao fisavana ireo fasana manodidina izy ireo taorian'io, tamin'izany no nahitana ny fahavakisana teo amin'ny faritra ambonin'io fasana izay vao avy nandevenana iray volana lasa izay io, tao amin'ny kaominina Antohobe, distrikan'i Betafo ihany.

***Lezama***

Fandraharahana ny fonja

## Notokanana ireo foto-drafitrasa nasiam-panavaozana tany Antsirabe

Firenena anisany mandala sy manaja ny zo maha olombelona ny firenena Malagasy. Izany indrindra no nahatonga ny "Aumônerie Catholique des Prisons" na ny A.C.P nitady ny famatsiam-bola anavaozana ny fonjabe an'Antsirabe. Ny alahady lasa teo no tontosa ny fitokanana ireo fotodrafitr'asa nasiam-panamboarana sy fanitarana teo anivon'ny fonjabe an'Antsirabe. Namome voninahitra izany teto ny Talen' ny Fandraharahana ny Fonja eto Madagasikara, izay nisolotena an'Andrimatoa mpitahiry ny fitombokasem-panjakana, Minisitry ny Fitsarana sy Andrimatoa Tale Jeneralin' ny fandraharahana ny fonja, ny tale miadidy ny Raharaha Ankapobeny sy ny lafitany eto anivon'ny Faritra Ramatoa Ramahandriarivo Fanja, ireo talem-paritra sy Lehiben' ny sampan-draharaha avy eto an-toerana, ary ny solontenan'ireo mpiaramiombon'antoka. Raha tsiahivina dia ny taona 1923 no nitsangana ity fonja eto Antsirabe ity. Amin'izao fotoana dia olona mahery ny 1000 no voafonja ao, ka ny 60 amin' ireo no vehivavy raha 20 kosa ireo ankizy tsy ampy taona. Noho ireo fahamaroan'ny olona beazina ao dia nanapa-kevitra ny ACP ny hanitatra sy hanatsara ireo fotodrafitr' asa efa misy ao, ka isan' izany ny fanitarana ny efitrano ao amin'ny kartie vehivavy izay hametrahana ireo vehivavy bevohoka sy kely anaka, nasiam-panamboarana toraka izany koa ireo lakozia, toeram-pidiovana sy fivoahana ary ny teorana fanasan-damba. Teo ihany koa ny fanatsarana ny lakozia ao amin'ny kartie lehilahy. Zava-dehibe ho an'ny fonja eto Antsirabe ny nahavitan'ny fantsarana tahaka izao mba hitovian'ireo olona ireo amin'ny rehetra. Teto dia nanentana ireo mpiaramiombon'antoka amin'ny ACP ny Tale miadidy ny Raharaha Ankapobeny sy ny lafitany eto anivon'ny Faritra ny mba hijerana akaiky ireo fonja any amin'ny Distrika satria dia mila fanamboarana koa, nisaotra ny ACP ihany koa izy tamin'izay rehetra vitany sy izay mbola hataony. Nandritra ny fiaraha-miobom-bavaka izay notarihaan'ny Réverend Père Ranaivoson Salomon Tsiorimanalina Aumônier Catholique National des Prisons, no nitsofan-drano trano nasiampanamboarana sy nitondrana am-bavaka ireo olona voafonja ao ary indrindra koa ny fianakavian'izy ireo ary indrindra ny nandrasain'ny lehilahy ny sakramenta ny Batemy sy kominio voalohany. Amin'ity taona ity dia hankalaza ny faha-25 taona nijoaroana teto Magadasikara ny ACP.

***Solohery***

Antsirabe

## Ho vita amin'ny taona 2020 ny foto-drafitrasa iarahana amin'ny Maraokanina

Mandroso ny asa ary raha tsy misy ny fiovana dia ny taona 2020 ihany dia ho azo tokanana ny "ivontoeram-piofanana arateknika sy arak'asa "sy ny "hopitaly ho an'ny reny sy ny zaza" eny Mandaniresaka Antsirabe. Hisy lalam-piofanana azo rantovina haingana, ho entimbolana ao amin'ity ivompiofanana ity ary afaka hiatrika asa avy hatrany ireo tanora. Niara-dia tamin'ny filoha teto ny faran'ny herinandro teo ny Minisitry ny fanabeazampirenena ny fampianarana ara-teknika ary ny fampiofanana arak'asa Volahaingo Marie Thérèse. Teo ihany koa ireo mpiara-miasa amin'ny filoha ary ireo manam-pahefana avy aty an-toerana.

***Solohery***

Kolontsaina

## Manohy ny mozika ny G4tro connexion




*Ny "G4tro connexion" amin'ny endriny ankehitriny.*

Tany amin'ny manodidina ny taona 2005 no efa nisy ny tarika "G4troconnexion", izay niforona tany Toamasina. Anisan'ireo hira nahafantarana ny tarika tamin' izany ny "Tsara tso-drano', "Manahirana", "Misôma". Ny fivoizana ny mozika mihetsika mambabo ny tanora toy ny "dance floor", "afro beat"… izay samy hahenoana sy hahatsapana ilay "fanahy malagasy' nentina nanajary azy, ireo no nampiavaka ity tarika tsy ahitana mpikambana andriambavilanitra ity.
Nisy ny fotoana nanginana sy tsy nahitana an-tsehatra ny"G4tro connexion", hoy i Tony iray amin'ireo mpikambana namorona ny tarika tao ho ao noho ny fiketrehana ireo vazo vaovao sy ny firosoana lalina kokoa amin'ny fikirakirana ny mozika. Ampahany amin'ireo sanganasa efa heno sy tazana eny amin'ireo hainoamanjery ny "Café au lait" sy ny "Courage". Ny hanabe amin'ny alalan'ny fampitana hafatra anatin'ireo tononkira ary ny hanala voly. Ireo mitambatra no antompisian'ny"G4troconnexion". Raha fintinina, mivimbina ny mahasoa ary misakelika ny mahafinaritra hatrany ny tarika "G4tro connexion". Tantara mitohy !!!

***Lalasoa R.***

Antsirabe

## Manana olana amin'ny famatsian-drano

Manana olana amin'ny famatsian-drano Antsirabe, noho izay antony izay, miomana amin'ny tsy ho fahampian-drano Antsirabe. Fantatra ary fa hisy ny fanampiana fotodrafitrasa ho an'izay famatsian-drano izay eto Antsirabe, ka hisy ny fanorenana toby fanadiovandrano miaty 6000m3, izay haorina ao Andrefan'Ivohitra. Ny ranon'Andraikiba ihany no ho sintonina hiakatra ao amin'ity toby fanadivan-drano ity, vao hakarina ao amin'ny siniben-drano ao Ivohitra izany ary hamatsy an'Antsirabe avy eo. Raha tsiahivina dia efa tohin'ny fitsidihana nataon'ny minisitry ny angôvo sy ny akoran'afo tamin'ny 24 mai 2019 lasa teo, izay nidina ifotony nijery ny fandrosoan'ny asa fanadiovana rano eto Antsirabe, teny Ambatofinandrahana Andrefan'Ivohitra izany. Raha ny fantatra ary dia 450m3 isan'ora no tahan'ny rano azo jifaina mivoaka eto Antsirabe ka dia hakarina ho 700m3 izany amin'ny fahavitan'ity "station de pompage" ity.

***Lezama***

Hetsika Haona Fi 2019

## Hanome lanja ny asa fitoriana sy asa sosialy

Ho afa-po ny mpitsidika amin'ity andiany faharoa amin'ny Hetsika "Haona Fi" andiany faharoa ity, izay ho tanterahina eny amin'ny Village VoARA Andohatapenaka ny 30 sy 31 Oktobra sy 1 sy 2 Novambra ho avy izao. Hetsika izay fiangonana mihaona amin'ny fiarahamonina. Zavatra samihafa no ho hitan'ireo mpitsidika izay heverina hahatratra ny 1 alina amin'ity taona ity. Any anaty trano aloha no hanatanterahana ny hetsika hitsinjovana ny amin'ny orana. Misy ny fampirantiana sy varotra fampirantiana ary eo ihany koa ny asa fitoriana filazantsara. Misy ny asa sosialy toy ny lafiny ara-pahasalamana ka hanaovana fitiliana amin'ny aretin'ny maso, ny diabeta, ny tsimok'aretina VIH, ny fitiliana ny aretina homamiadana amin'ny nono sy ny vozon'ny tranon-jaza, sns... Maimaimpoana ny fitiliana ireo aretina samihafa ankoatra ny ireo farany roa ireo. Eo ihany koa ny tolotr'asa avy amin'ireo mpiara-miombon'antoka, ka ilazana ireo tanora mitady asa mba hitondra ny mombamomba azy toy ny CV. Manantena ny mpikarakara ny amin'ny hihoaran'ny isan'ireo mpandray anjara amin'ity andiany faharoa ity. Toy izany koa ny mpitsidika izay antenaina ny hihoatra ny iray alina. Misy rahateo ny hira sy vako-drazana mbamin'ny kilalao samihafa ho an'ny ankizy eny an-toerana amin'ireo andro ireo. Tanjona, hoy ny mpikarakara, dia miantsena ny olona no afaka mijery ny fahasalamany no sady afaka miala voly ihany koa.
Marihina, fa antoko mpihira maro samihafa no ho tonga hanafana ny fotoana eny an-toerana miampy ireo mpanakanto tsotra hafa. Ho an'ireo izay te handray anjara amin'ny hetsika kosa dia mbola azon'izy ireo atao tsara izany satria tsy ankanavaka ny fandraisana anjara.

***Radafy***

Faribolana Sandratra

## Hisantatra ny taom-piantsana Ranoë, i Toly ary Zo Maminirina

Anio sabotsy tolakandro amin'ny 3 ora no hanomboka ny taom-piantsana ho an'ny Faribolana Sandratra. Hisantatra izany ao amin'ny efitra malalaky ny Trano arakoltoraly CGM Analakely: Ranoë, i Toly ary Zo Maminirina. Lohahevitra mivelatra be no ho entin'izy ireo hatolotra ny mpijery amin'io antsa tononkalo karakarain'izy ireo io. "Mahatsangy", no lohateny nosafidiana ho amin'ny amboara tononkalo hatolotra sy lohatenin'ny boky ihany koa amidy amin'io fotoana io. Nosafidian'izy ireo io lohateny io satria feno herintaona avy ny zanak'i Toly sy Zo Maminirina, ary natao karazany tsangambato amin'ny tsingerin-taonan'ireo zaza ireo izany.
Ankoatra izany dia hanaingo ny fotoana ny fampiakarana an-tsehatra olom-baovao, tovovavy kely iray izay tiana ho hasandratra amin'ny sehatry ny hira sy mozika. Amin'io seho an-tsehatra io no hahafantaran'ny mpijery azy. Hianoka zava-kanto eo amin'ny asa soratra sy literatiora ary hira sy mozika araka izany ireo mpijery izay hasaina ho tonga maro hanatrika izany. Tsiahivina, fa tsy misy vidim-pidirana ny antsa tononkalo izay ataon'ny Faribolana Sandratra ao amin'ny CGM. Miara-miasa akaiky efa aman-taonany maro ny roa tonta amin'ny fanandratana ny asa soratra sy ny literatiora Malagasy.

***Aris***


Ny ho ben'ny tanana sy ny mpanolotsaina
Andoharanofotsy
TIAKO I MADAGASIKARA
TIM
2
Hasina RANIRISON
Atsimondrano
Andoharanofotsy
Pastora Rabarimanana Herimandimby
Mahalavolona
Rakoto Paul
Andoharanofotsy
Lucien
Iavoloha
Felicie
Ambohimanala
Jean Baptiste
Belambanana
Alfred
Volotara
Haja
Morarano
Lilie
Iavoloha
Tôny
Mahabo
Fanja
Andoharanofotsy